
MINISTERE DE L'EAU, DE L'ASSAINISSEMENT ET DE L'HYGIENE

USAID DU PEUPLE AMERICAIN

RANO WASH

# VAOMIERAN'NY TOLOBIDY



## BOKY MPAMPIOFANA

care · CRS CATHOLIC RELIEF SERVICES · WaterAid · BushProof · SANDANDRANO

# LASI-PIOFANANA

## VAOMIERAN'NY TOLOBIDY



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*

# FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

## Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

## Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ireo fomba enti-mampita ny fiofanana, ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana.

# FINTINA MOMBA NY TARANJA

## Fampidirana

Ny Fiofanana mahakasika ny Vaomieran'ny tolobidy dia natokana hitarihana sy hanomezana fahaiza-manao ho an'ireo tompon'andraikitra hisahana ny fanaovana tolobidy sy tombana, amin'ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny fanjakana sy tsy miankina, amin'ireo asa, fotodrafitr'asa sy raharaha mifandraika amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana.

## Tanjona ankapobeny

Ny tanjon'ny fiofanana dia hametraka ny fanarahana ny fenitra amin'ny tsenambaro-panjakana sy fanoroana amin'ny fanajana izany.

## Mpiofana

Ireo mpiofana dia ahitana ny tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, mpikirakira tetikasa, tompon'andraikitra amin'ny fitaleavam-paritra momba ny rano, fanadiovana sy fidiovana ary ny tompon'andraikitry ny tsenambaro-panjakana.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia teknisianina mahafehy ny tsenambaro-panjakana eny an-toerana na avy amin'ny tetikasa.

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin’ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :
i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan’izy ireo anjara feno amin’ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin’ny zavamisy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.
ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana ahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin'ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :
i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin'ny zavamisy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.
ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana ahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Tombana

Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin'ny alalan'ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panombohana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin'ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan'andro
4. Fanombanana amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

Ireo fampitaovana ilaina hanatanterahana ny fiofanana :

- Toerana fiofanana
- Fitaovam-pampitana toy ny videoprojecteur, solosaina
- Boky ho an'ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isan-karazany
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)
- Fitaovana isan-karazany (hety, penina, kahie, sns.)

# FINTIN'NY LOHAHEVITRA

| Andiany | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
|---|---|---|
| Fampidirana ny fiofanana | 1. Fandraisana ny mpiofana<br>2. Fandaminana<br>3. Tiana andrasana amin'ny fiofanana<br>4. Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana | 45 min |
| Andiany 1. | Fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy ny Tsy Miankina | 45 min |
| Andiany 2. | Tsenambaro-panjakana | 20 min |
| Andiany 3. | Fomba sy dingana arahina amin'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana | 15 min |
| Andiany 4. | Fenitra ankapobeny mifehy ny tsenambaro-panjakana | 30 min |
| Andiany 5. | Vaomiera momba ny tolobidy | 10 min |
| Tombana | | 75 min |
| Totaly | | 240 min |

# FIZOTRY NY FAMPIOFANANA

# FAMPIDIRANA NY FIOFANANA

## Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mifankahalala sy mifanakalo hevitra sy traikefa mandritra ny fiofanana
- Tompon'andraikitra amin'ny fizotry ny fiofanana ary mandray anjara.

# 1. Fampidirana ny fiofanana

## Votoatiny

1. Fandraisana ny mpiofana sy fanalàna ny elanelan
2. Filazana ny tiana andrasana
3. Fanamorana ny tombana mandritra ny fiofanana
4. Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana.

### 1. Fandraisana ny mpiofana sy fanalàna ny elanelana

Fampitàna

10 min

Mandray ny mpandray anjara ny mpampiofana.
Manolotra ny teny fandraisana ny mpandray anjara.
Mifankafantatra ny mpandray anjara ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana.
Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana.
Fifampizarana ny andraikitra isam-bondrona; ahitana ny anaran'ny mpiofana isaky ny vondrona voalohany hatramin'ny faha-efatra, ahafahana mametraka fiofanana milamina; mampiatra ny fomba fiasa « AILE » :

- A : Animation (Fanentanana)
- I : Information (Filazana vaovao)
- L : Logistique (Fanomanana ny toerana fiofanana)
- E : Evaluation (Tombana)

| Asa | 18/10/2021 | 19/10/2021 | 20/10/2021 |
|---|---|---|---|
| Fanentanana | 1 | 2 | 3 |
| Filazana vaovao | 2 | 3 | 4 |
| Fandaminana ny toerana fiofanana | 3 | 4 | 1 |
| Tombana | 4 | 1 | 2 |

## 2. Filazana ny tiana andrasana

Fampitàna

10 min

Asaina milaza ny tiana andrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.

1. Mizara karatra VIPP iray isaky ny mpiofana
2. Asaina manoratra ny tiany andrasana ny mpiofana mahakasika ny lohahevitra
3. Apetaka amin'ny taratasy lehibe na rindrina ary hatambatra izay mitovy
4. Asaina mamaky ny mpiofana.

## 3. Fanamorana ny tombana mandritra ny fiofanana

Fampitàna

10 min

**i) Fanentanana**

- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.
- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andininy.

**ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofana arahina fanontaniana sy valiny avy amin'ny mpiofana.**

Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy ny mpiofana.

**iii) Tombana**

Atao ny tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.

- Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso.
- Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana ary homena valiny ireo fanontaniana na ireo manjavozavo.
- Tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana.


## 4. Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana

Fampitàna

10 min

Atolotry ny mpampiofana ny fintina momba ny votoatin'ny fiofanana :

- Lohahevitra
- Tanjona
- Mpiofana
- Votoatiny
- Faharetany
- Fomba fiofanana
- Fitaovana hampiasaina
- Mpampiofanana ny mpandray anjara hafa (ohatra, vahiny).



## ANDIANY. I

# FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA EO AMIN'NY FANJAKANA SY TSY MIANKINA

### Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ny anton'ny ilàna ny fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny fanjakana sy tsy miankina
- Mahalala ireo karazana fifanarahana arak'asa.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy Tsy Miankina** | **1. Fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy Tsy Miankina (Partenariat Public-Privé ou PPP)**<br><br>Mba hanampiana ny teti-bola manoloana ny filàna amin'ny fotodrafitr'asa sy ny tolotra ho an'ny daholobe, dia mikaroka fitaovana famatsiam-bola mba hamporisihana ny fandraisan'anjaran'ny sehatra tsy miankina ny fanjakana.<br>Te-hampiasa ny fahaiza-manao sy ny loharanom-bolan'ny sehatra tsy miankina mba hametrahana programa fampiroboroboana ny fotodrafitr'asa ary hanatsarana ny kalitaon'ny tolotra ho an'ny daholobe.<br><br>Tsy fahampian'ny lalàna mifehy dia mampihemotra ny fampiasam-bolan'ny sehatra tsy miankina. Ny Fehezan-dalàna mifehy ny Tsenambaro-panjakana dia tsy ahafahana mandray famatsiam-bola avy any amin'ny sehatra tsy miankina hanatanterahana fotodrafitr'asa.<br>1. Lalàna n°2015-039 momba ny fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy ny tsy Miankina<br>2. Didim-panjakana n° 2017 – 149 momba ny fampiharana ny lalàna n°2015-039 tamin'ny 3 febroary 2016<br>3. Lalàna n°98 – 029 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Rano sy ireo Didim-panjakana 13 fampiharana.<br>Tsara raha mandalina ireo lalàna sy fehezan-dalàna ireo ny mpampiofana ahafahany mahafehy ny votoatin'izany sy mitondra ny venti-kevitra lehibe.<br><br>http://www.ore.mg › TextesDoc › Loi-2015-039P<br>Fehezan-dalàna momba ny Rano sy ireo fehezan-dalàna fampiharana (1998, navaozina ny 2003 avy eo 2007) |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 11. Mametraka fanontaniana ny mpampiofana :<br>• Inona no atao hoe PPP ?<br>• Inona avy ireo endrika PPP hita eo an-toerana?<br><br>Mitondra fanazavana momba ny PPP. | Pejy fitaratra # 4 - 5 | **Fiaraha-miombon'antoky ny Fanjakana sy ny Tsy Miankina (Partenariat Public-Privé - PPP)**<br><br>Mba hanampiana ny tetibola manoloana ny filàna amin'ny fotodrafitrasa sy ny tolotra ho an'ny daholobe, dia mikaroka fitaovana famatsiambola mba hamporisihana ny fandraisan'anjaran'ny sehatra tsy miankina ny fanjakana. Te hampiasa ny fahaiza-manao sy ny loharanom-bolan'ny sehatra tsy miankina mba hametrahana programa fampiroboroboana ny fotodrafitrasa ary hanatsarana ny kalitaon'ny tolotra ho an'ny daholobe.<br><br>**Tsy fahampian'ny lalàna mifehy**<br><br>Ny Fehezan-dalàna mifehy ny Tsenambaro-panjakana (Code des marchés publics) dia tsy ahafahana mandray famatsiambola avy any amin'ny sehatra tsy miankina hanatanterahana fotodrafitrasa. | 10 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fiaraha-miombon' antoky ny Fanjakana sy Tsy Miankina** | **2. Karazana fifanarahana PPP**<br><br>Ireo fandraharaham-pamokarana (concessions) : ireo mpandraharam-pamokarana momba ny fampitaovana sy ny raharaha, izay fifanarahana ahafahan'ny kaominina manankina amin'ny sehatra tsy miankina ny fametrahana fotodrafitr'asa. Ho setrin'izay dia omeny alalana ilay orinasa haka tombony amin'ny fampiasana ny fotodrafitr'asa ao anatin'ny fotoana voafetra, ka izy no miantoka manontolo na amin'ny ampahany amin'ny ambana na risika (risques) rehetra mety hitranga.<br><br>Ireo fifanaraham-panofana (contrat d'affermage) : ny kaominina no miantoka ny ampahany betsaka amin'ny famatsiam-bolan'ny fanamboarana fotodrafitr'asa ary manome alalana ny orinasa hitantana sy hampiasa azy. Izy no miantoka ny asa fikojakojana lehibe, fanavaozana mavesatra sy fanitarana sady miantoka manontolo ny fanahiana rehetra mety hitranga eo amin'ny fikarakarana.<br><br>Ireo fifanarahana tahaka ny fanorenana (construction), fikirakirana (exploitation), famindram-pitantanana (transfert) : ny orinasa no miantoka feno ny famatsiam-bolan'ny famolavolana, ny fanorenana ary ny fikirakirana ny fotodrafitr'asa alohan'ny hamindrana azy maimaim-poana amin'ny kaominina amin'ny fiafaran'ny fifanekena. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 12. Manotany ny mpampiofana :<br>• Ahitana ireo karazana fifanaraham-piara-miasa fanjakana sy tsy miankina ve eo an-toerana?<br>• Ahoana no endrika hisehoany? Asaina mitondra fanazavana ny mpiofana<br>• Inona no tombotsoa?<br><br>Mameno ny fizarana ny mpampiofana amin'ny alalan'ny ohatra hafa. | Pejy fitaratra # 6 - 8 | **Ireo karazana fifanarahana PPP**<br><br>**Fandraharaham-pamokarana (concessions) lazaina fa PPP raha ny volazan'ny lalàna dia ireo mpandraharam-pamokarana momba ny fampitaovana sy ny servisy,** izay fifanarahana ahafahan'ny Kaominina manankina amin'ny sehatra tsy miankina ny fametrahana foto-drafitrasa. Ho setrin'izay dia omeny alalana ilay Orinasa haka tombony amin'ny fampiasana ny fotodrafitrasa ao anatin'ny fotoana voafetra, ka izy no miantoka manontolo na amin'ny ampahany amin'ny risque rehetra mety hitranga<br><br>**Ireo karazana fifanarahana PPP**<br><br>**Fifanaraham-panofana (contrat d'affermage)** : ny Kaominina no miantoka ny ampahany betsaka amin'ny famatsiambolan'ny fanamboarana fotodrafitrasa ary avy eo manome alalana ny orinasa hitantana sy hampiasa. Izy no miantoka ny asa fikojakojana lehibe, fanavaozana mavesatra sy fanitarana sady miantoka manontolo ny ny fanahiana (risque) rehetra mety hitranga eo amin'ny fikarakarana<br><br>**Ireo karazana fifanarahana PPP**<br><br>**Fifanarahana tahaka ny Fanorenana (Construction), Fikirakirana (Exploitation), Famindram-pitantanana (Transfert) na ("CET") :** PPP izay ny orinasa no miantoka feno ny famatsiambola ny famolavolana, ny fanorenana ary ny fikirakirana ny fotodrafitrasa alohan'ny hamindrana azy maimaim-poana amin'ny Kaominina amin'ny fiafaran'ny fifanekena. Ny fifanarahana CET (na Buil – Operate – and – Transfer na "BOT" amin'ny teny Anglisy) dia lohahevitra maro samihafa, izay mahafeno ny famaritana ny PPP. Ny fifanarahana CET na BOT dia misy karazany maro, mifandraika amin'ny famaritana ny PPP | 15 min |

# Fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny tsy miankina


## Famaritana


Fiaraha-miasa sy fifampizarana ny tanjona, andraikitra, vokatra, ambana na risika hiraisana eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina.

Misy karazany maro ny endrik'izany :

- Fiaraha-miombon'antoka ara-bola
- Fiaraha-miombon'antoka ara-pitantanana
- Fiaraha-miombon'antoka ara-teknika.

***PPP : Partenariat Public Privé (Fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny fanjakana sy tsy miankina.**




Fiaraha-miombon'antoka samy mahazo tombony
Kaominina Rafitra hafa
Sehatra tsy miankina
Anjara biriky
Famatsiam-bola
Fampiasam-bola Fanadihadiana
Fampiasam-bola Fitantanana, Fitrandrahana, Fikojakojana, Fanitarana
Fampiasam-bola Fanatanterahana asa

# Fepetra vitsy hampahomby ny fiaraha-miombon'antoka

Mahafantatra ireo karazan'asa sy andraikitra ary zavatra handrasana avy amin'ny tsirairay. Raha voafaritra mazava tsara hifaneken'ny mpiara-miombon'antoka ireo dia ahafahana manana firafitra sy fomba fiasa mazava.




Ny fifandraisana eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina dia mitaky ny fandraisan'anjaran'ny tsy miankina amin'ny famolavolana sy fandinihana ny tetikasa, ny endriky ny fiaraha-miombon'antoka ara-bola, ny fitrandrahana sy ny fikojakojana, mijery ny lavitr'ezaka.

Ny fitantanana mahomby ny rano, fanadiovana, fidiovana dia mitaky ny tamberin'andraikitra eo amin'ny mpanjifa, ka mametraka mazava tsara ny anjara asa sy andraikitry ny mpitarika, ny tompon-draharaha sy ny orinasa ary manamafy ny kalitaon'ny tolotra.



# ANDIANY. 2

# TSENAMBARO-PANJAKANA


## Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ireo karazana tsenambaro-panjakana
- Mahay mitanatana ny tsenambaro-panjakana araka ny lalàna sy ny lamina misy.

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Tsenambaro-panjakana</td><td>
<h2>I. Tsenambaro-panjakana sy ny tsena PPP</h2>
Ireo karazana tsenam-panjakana :
<ul>
<li>Fifanarahana fampitaovana (Marché de fournitures)</li>
<li>Fifanarahana amina asa manokana (Marché de prestation de services)</li>
<li>Fifanarahana fampitaovana fotodrafitr'asa (Marché des Travaux)</li>
<li>Fifanarahana famindrana ny fahefana amin'ny fanaovana ny asa (contrat de maîtrise d'œuvre délégué).</li>
</ul>
Tsena avy amin'ny Fanjakana :
<ul>
<li>Manao antso Tolobidy</li>
<li>Masontsivana : Misafidy izay mora vidy sy tsara kalitao</li>
<li>Mampanao ny asa</li>
<li>Miantoka ny vola</li>
<li>Mandray ny asa</li>
<li>Tompon'ny asa vita, fitaovana novidiana, sns.</li>
</ul>
Tsena avy amin'ny PPP :
<ul>
<li>Manao antso Tolobidy</li>
<li>Masontsivana :</li>
</ul>
<ol>
<li>Ny tetibidin'ny tolotra izay misy</li>
<li>Ny vola atao famatsiana</li>
<li>Ny vidin'ny asa fanamboarana, ny tetibidin'ny fampandehanan-draharaha</li>
<li>Ny vidy hivarotana ny rano, ny haba aloha amin'ny kaominina</li>
<li>Ny drafi-pamokarana (plan d'affaire).</li>
</ol>
</td></tr>
</table>

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Tsenambaro-panjakana** | **2. Famaritana ny tsenambaro-panjakana miaraka amin'ny tsy miankina**<br><br>Ny tsenambaro-panjakana dia fifanekena ara-panjakana voarakitra an-tsoratra, manaja ny fenitra sy ny lalàna manan-kery, hifanarahan'ny ankolafy roa dia ny Tompon'asa (Administration) sy ny Mpanao asa (Titulaire) mba hanatanterahana ny asa iray voafaritra.<br><br>**3. Antony hametrahana lalàna mifehy ny tsenambaro-panjakana miaraka amin'ny tsy miankina**<br><br>• Ahazoana vidiny mirary kokoa raha ampitahaina amin'ny vidiny mahazatra<br>• Ahafahan'ny rehetra mifaninana ao anatin'ny fepetra sy fitondrana mitovy<br>• Mametraka ireo antoka amin'ny kalitao amin'ny fanatanterahana ny asa<br>• Hampiroboroboana ny orinasa madinika manana fahefana manatanteraka ny asa. |


| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Manentana fifampizarana ny mpampiofana hoe :<br><br>• Iza no efa nikirakira tsenambaro-panjakana, ahoana ny fahitany izany?<br>• Inona ireo voka-tsoa amin'ny fampiharana ny tsenambaro-panjakana miaraka amin'ny tsy miankina.<br><br>Manome fanazavana fanampiny momba ny tsenambaro-panjakana. | Pejy fitaratra # 9 - 10 |  | 10 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Tsenambaro-panjakana** | **4. Sokajin'ny tsenambaro-panjakana**<br><br>Ahitana sokajy roa ny tsenambaro-panjakana.<br><br>a) Fisokajiana araka ny karazany (nature)<br><br>b) Fisokajiana araka ny vidiny (prix)<br><br>• Vidiny ambongadiny sy vidiny tsy miova no hifananarahana (marché à prix global et forfaitaire)<br>• Vidin'ny singa tsirairay amin'ny asa mandrafitra ny tetikasa no hifanarahana (marché à prix unitaire)<br>• Vidiny misy fepetra manokana (marché à tranche conditionnelle).<br><br>**5. Ankolafin-kery mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny tsenambaro-panjakana**<br><br>Maître d'ouvrage — Tompon-draharaha<br>Maître d'ouvrage délégué — Nomena fahefana Hitantan-draharaha<br>Maître d'oeuvre — Mpanara-maso<br>Titulaire — Mpanatanteraka ny asa |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| 41. Mametraka fanontaniana ny mpampiofana :<br>Iza avy ireo ankolafin-kery efa mandray anjara amin'ny tsenambaro-panjakana? Inona no andraikitra sahanina?<br><br>Mandravona ny mpampiofana ary mitondra fanampim-panazavana. | Pejy fitaratra<br># 11-12 | **I-2- Ny antony hametrahana lalàna mifehy Tsenambaro-panjakana miaraka amin'ny tsy miankina**<br>• Mba ahazoana vidiny mirary kokoa raha ampitahaina amin'ny vidiny mahazatra<br>• Hahafahan'ny rehetra mifaninana ao anatin'ny fepetra sy fitondrana mitovy<br>• Mametraka ireo antoka amin'ny kalitao amin'ny fanatanterahana ny asa<br>• Hampiroboroboana ny orinasa madinika manana fahefaha-manatanteraka ny asa<br><br>**I-3- Sokajin'ny tsenambaro-panjakana**<br>**Fisokajiana araka ny karazany :**<br>- Fifanarahana fampitaovana (marché de fournitures)<br>- Fifanarahana amina asa manokana (marché de prestation de service)<br>- Fifanarahana amina fampitaovana fotodrafitrasa (marché des travaux)<br>- Fifanarahana famindrana ny fahefana amin'ny fanaovana ny asa (contrat de maîtrise d'œuvre délégué)<br>**Fisokajiana araka ny vidiny :**<br>- Vidiny ambongadiny sy vidiny tsy miova no hifanarahana (marché à prix global et forfaitaire)<br>- Vidin'ny singa tsirairay amin'ny asa mandrafitra ny tetikasa no hifanarahan (marché à prix unitaire)<br>- Vidiny misy fepetra manokana (marché à tranche conditionnelle) | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Tsenambaro-panjakana** | **6. Fepetra takiana amin'ny orinasa mpanatanteraka asa**<br>• Mijoro ara-panjakana ary voasoratra ao amin'ny boky firaiketana momba ny varotra (registre du commerce) na boky firaiketana momba ny karazan'asa (registre des métiers)<br>• Manana karatra maha-mpandoa hetra ary mahaloa hetra ara-dalàna<br>• Voaporofo fa manana fahafaha-manao araka ny lalàna sy ara-teknika ary ara-bola hanatanterahana ny asa. |

<table>
<tr><th>FOMBA FAMPITANA FIOFANANA</th><th>FAMAN-TARANA</th><th>FITAOVANA</th><th>FAHA-RETANY</th></tr>
<tr><td>Mametraka fanontaniana ny mpampiofana :<br>• Inona no andrasan'ny tompon-draharaha amin'ny mpanatanteraka asa?<br>• Inona ireo fepetra takiana raha ho tompon-draharaha?<br><br>Mitondra fanampim-panazavana ny mpampiofana.</td><td>Pejy fitaratra<br># 13 - 14</td><td>


</td><td>5 min</td></tr>
</table>

# ANDIANY.3



# FOMBA SY DINGANA AMIN'NY FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA

## Tanjona :


Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ireo dingana arahina amin'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana.



<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Fomba sy dingana amin'ny fandraiketana tsenambao-panjakana</td><td>
I. Fomba ahafahana manao ny fandraiketana tsenambaro-panjakana<br><br>
Misy fomba roa azo atao dia ny : tolobidy fifampiraharahana mivantana (appel d’offre gré à gré)
<ul>
<li>Ny fitaomana hanao tolobidy dia fiantsoana ireo mpifaninana manana fahafahana hanatanteraka ny asa (soumissionnaire).</li>
<li>Misy karazany roa ny fitaomana tolobidy : fitaomana tolobidy misokatra (appel d’offre ouvert) sy ny fitaomana tolobidy voafetra (appel d’offre restreint).</li>
</ul>
Fitaomana hanao tolobidy<br>
i) Fitaomana hanao tolobidy misokatra<br>
Antso ampahibemaso atao amin'ireo mpifaninana tsy ankanavaka ka mahafeno ny fepetra takiana. Afaka misy fifantenana mialoha.<br>
ii) Fitaomana hanao tolobidy voafetra<br>
Voasivana mialoha ireo mpifaninana asaina hanao tolobidy sy hifaninana (farafahakeliny telo).<br>
Fampiasa amin’ireto tranga ireto :
<ul>
<li>Fahamehana (urgence)</li>
<li>Misy antony manokana ara-teknika na hafa.</li>
</ul>
ii) Fifampiraharahana mivantana<br>
Ny tolobidy fifampiraharahana mivantana (appel gré à gré) dia fifanarahana malalaka miaraka amin’ny orinasa voafantina ka hita fa tena afaka hanatontosa ny asa.<br>
Ireto tranga manokana ireto no ampiasana azy :
<ul>
<li>Asa tsy tokony hababaribary</li>
<li>Nisy olana tamin'ny Fitaomana hanao tolobidy misokatra</li>
<li>Asa fikarohana na fanandramana no atao</li>
<li>Efa misy olona mananjo amin’ny fanantanterahana ny asa atao anaty tontolo famindram-pahefana iray.</li>
</ul>
</td></tr>
</table>

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Mitarika fifampizarana ny mpampiofana amin'ny fametrahana fanontaniana toy izao :<br>• Fomba ahoana no atao eo an-toerana amin'ny fitaomana hanao tolobidy?<br>• Inona avy no karazana tolobidy efa nisy?<br>• Inona ireo tranga miseho? Inona no vokatsoa isaky ny karazany avy?<br><br>Mameno ny fanazavana ny mpampiofana. | Pejy fitaratra # 15 -18 | <br>Fomba sy dingana arahina amin'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana (passation de marché public)<br>Fomba ahafahana manao ny fandraiketana tsenambaro-panjakana<br>• Misy fomba roa azo atao dia ny : tolobidy fifampiraharahana mivantana (appel d'offre gré à gré)<br>• Ny fitaomana hanao tolobidy (appel d'offre) dia fiantsoana ireo mpifaninana manana fahafahana hanatanteraka ny asa (soumissionnaire).<br>• Misy karazany roa ny fitaombana tolobidy : fitaomana tolobidy misokatra (appel d'offre ouvert) sy ny fitaombana tolobidy voafetra (appel d'offre restreint<br><br>3- Fifampiraharahana mivantana (gré à gré)<br>Ny tolobidy fifampiraharahana mivantana (appel gré à gré) dia fifanarahana malalaka miaraka amin'ny orinasa voafantina ka hita fa tena afaka hanatontosa ny asa<br>Ireto tranga manokana ireto no ampiasana ny « gré à gré » :<br>• Asa tsy tokony habaribary (prestations devant être tenue secrète)<br>• Nisy olana ny Fitaomana hanao tolobidy misokatra<br>• Asa fikarohana na fanandramana no hatao<br>• Efa misy olona mananjo amin'ny fanantanterahana ny asa atao anaty "périmètre de délégation" iray | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fomba sy dingana amin'ny fandraiketana tsenambao-panjakana** | **2. Dingana arahina amin'ny fitaoman hanao tolobidy**<br><br>**1**<br>**Fampahafantarana fitaomana hanao tolobidy (avis d'appel d'offre)**<br>**Ny fitaomana hanao tolobidy dia tokony :**<br>• **Havoaka amin'ny gazetim-panjakana (journal officiel) » na atao peta-drindrina, na havoaka amin'ny gazety isan'andro farafaha-keliny 30 andro mialoha**<br>• **Hampahafantarina ny antony, toerana, daty fanaterana ny tolobidy**<br>• **Tsara hapetraka ny fahafahana mitsidika mialoha ny toerana hanaovana ny asa (visite de lieux).**<br><br>**2**<br>**Fanolorana ny tolobidy (présentation des offres)**<br>**Atao ao anaty valopy roa anatiny sy ivelany ireo atontan-taratasy rehetra voafaritry ny torolalan'ny fitaomana hanao tolobidy hanamarinana ny fahaiza-manaon'ny mpanao tolobidy.**<br><br>**3**<br>**Fanokafana ny tolobidy (dépouillement)**<br>**Sokafan'ny Vaomieran'ny tolobidy (commission d'appel d'offre - CAO) ampahibemaso ireo valopy mihidy mirakitra ny tolobidy.** |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Manasa mpiofana roa ny mpampiofana ka asaina mizara ireo dingana efa narahina amin'ny fitaomana hanao tolobidy.<br>Manentana tosakevitra amin'ny dingana mety ho marina.<br><br>Manamafy ary mitondra fanatsarana ny mpampiofana. | Pejy fitaratra # 19 -20 | <br>Ireo dingana arahina amin'ny fanaovana tolobidy<br>*1- Fampahafantarana (avis d'appel d'offre)*<br>Ny fitaomana hanao tolobidy dia tokony :<br>• Hivoaka amin'ny gazetim-panjakana (journal officiel) » na atao peta-drindrina, na havoaka amin'ny gazety isan'andro farafaha-keliny 30 andro mialoha<br>• Hampahafantarina ny antony, toerana, daty fanaterana ny tolobidy<br>• Tsara hapetraka ny fahafahana mitsidika mialoha ny toerana hanaovana ny asa (visites de lieux)<br>*2- Fanolorana ny tolo-bidy (présentation des offres)*<br>Atao ao anaty valopy roa anatiny sy ivelany ireo atontan-taratasy rehetra voafaritry ny torolalan'ny fitaomana hanao tolobidy hanamarinana ny fahaiza-manaon'ny mpanao tolobidy<br>*3- Fanokafana ny tolo-bidy (Dépouillement )*<br>Sokafan'nyVaomieran'ny tolobidy (commission d'appel d'offre - CAO) ampahibemaso ireo valopy mihidy mirakitra ny tolobidy | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fomba sy dingana amin'ny fandraiketana tsenambao-panjakana** | **3. Ireo antontan-taratasy fitaomana hanao tolobidy (modely)**<br><br>**Paquet I:** Gestion-Investissement-Construction<br><br>**A- AVIS D'APPEL D'OFFRE RESTREINT**<br><br>**B- LIVRE I**<br>Guide pour les soumissionnaires<br>Règlement des contrats<br><br>**C- LIVRE 2 :AVANT PROJET DETAILLE**<br>Mémoire Descriptif<br>Cahier de Spécifications Particulières Techniques<br>Bordereau de Devis Quantitatif (BDQ)<br>Plans et Annexes<br><br>**Paquet I:** Gestion-Investissement-Construction<br><br>**D- FORMULAIRES À REMPLIR PAR LE SOUMISSIONNAIRE**<br>1. Formulaire Technique T<br>2. Formulaire Financier F<br>3. Formulaire Commentaires / Conditions<br><br>**C- MODÈLES ANNEXÉS À LA SOUMISSION**<br>Modèle de contrat de financement<br>Modèle de contrat de délégation<br>Modèle d'engagement « Environnemental et Social »<br>Modèle de « Code de conduite »<br><br>**E- CRITERES DE NOTATION** |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Manomana karazana antontan-taratasy fitaomana hanao tolobidy.<br><br>Mizara vondrona ka asaina mandinika ireo hita ao anaty antontan-taratasy ny mpiofana. | Pejy fitaratra<br># 21 -22 | <br>Ireo antontan-taratasy voarakitra ao amin'ny tahirin-kevitry ny tolobidy<br>**Paquet I:** Gestion-Investissement-Construction<br>**A- AVIS D'APPEL D'OFFRE RESTREINT**<br>**B- LIVRE 1**<br>Guide pour les soumissionnaires<br>Règlement des contrats<br>**C- LIVRE 2 :AVANT PROJET DETAILLE**<br>Mémoire Descriptif<br>Cahier de Spécifications Particulières Techniques<br>Bordereau de Devis Quantitatif (BDQ)<br>Plans et Annexes<br><br><br>Ireo antontan-taratasy voarakitra ao amin'ny tahirin-kevitry ny tolobidy<br>**Paquet I:** Gestion-Investissement-Construction<br>**D- FORMULAIRES À REMPLIR PAR LE SOUMISSIONNAIRE**<br>1. Formulaire Technique T<br>2. Formulaire Financier F<br>3. Formulaire Commentaires / Conditions<br>**C- MODÈLES ANNEXÉS À LA SOUMISSION**<br>Modèle de contrat de financement<br>Modèle de contrat de délégation<br>Modèle d'engagement « Environnemental et Social »<br>Modèle de « Code de conduite »<br>**E- CRITERES DE NOTATION** | 5 min |

# ANDIANY.4

# FENITRA ANKAPOBENY MIFEHY NY TSENAMBARO-PANJAKANA

## Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ny fenitra ankapobeny amin'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana
- Voaentana amin'ny fanajàna ireo fenitra ireo.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fenitra ankapobeny mifehy ny tsenambaro-panjakana** | **I. Ireo dingana arahina amin'ny fitaomana hanao tolobidy**<br><br>• Fahalalahana amin'ny fandraisana anjara hanao tolobidy (liberté de participer à un appel d'offre) : fanomezana vaovao ara-potoana, fanokafana ny fitaomana hanolotra tolobidy.<br><br>• Fampitoviana lanja ny mpandray anjara rehetra (égalité de traitement des candidats): raha misy mangataka fanazavana dia tokony hitovy ny valin-teny homena.<br><br>• Mangarahara ny fomba fiasa (transparence des procédures) : fantatra ny fitaomana hanao tolobidy, ohatra amin'ny alalan'ny peta-drindrina, fanomezana tahirin-kevitra, mazava sy fampahafantarana ny masontsivana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Mitarika tosakevitra ny mpampiofana amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe : Raha tsy hajaina ny fenitra, inona no mety hitranga?<br><br>Mameno ny fanazavana milaza ireo fenitra tokony hajaina ny mpampiofana. | Pejy fitaratra # 23 | **Fenitra ankapobeny mifehy ny tsenambaro-panjakana**<br>• Fahalalahana amin'ny fandraisana anjara hanao tolo-bidy (liberté de participer à un appel d'offre)<br>• Fampitoviana lanja ny mpandray rehetra (égalité de traitement des candidats)<br>• Mangarahara ny fomba fiasa (transparence des procédures) | 30 min |

# ANDIANY.5

# VAOMIERAN'NY TOLOBIDY

## Tanjona :

Aorian'ity andiany ity, ny mpandray anjara dia :

- Mahalala ireo mpikambana sy anjara asan'ny voamiera
- Mampiatra ny fenitra ankapobeny ny fandraiketana tsenambaro-panjakana.

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Vaomieran'ny tolobidy** | **A. Vaomieran'ny tolobidy**<br><br>**1. Mpikambana anaty vaomiera**<br><br>i) Ireo mpikambana ho an'ny tetikasa (ohatra : RANOWASH)<br>Ireo mpikambana ao anatin'ity vaomiera ity dia ahitana ny:<br>• Filoha iray izay ny Ben'ny tanàna.<br>• Mpikambana voatendry valo.<br><br>Ireo mpikambana hafa :<br><br>Ireo mpikambana dia tendren'ny Filohan'ny Vaomieran'ny tolobidy :<br>• Talem-paritry ny rano, fanadiovana sy fidiovana<br>• Teknisianina momba ny rano, fanadiovana, fidiovana eo an-toerana<br>• Solontenan'ny mpahazo tombontsoa<br>• Solontena avy ao amin'ny tetikasa<br>• Solontena avy ao amin'ny fikambanana tsy miankina mpiara-miombon'antoka. |

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Vaomieran'ny tolobidy</td><td>
<h2>2. Anjara asa sy andraikitra</h2>
<ol>
<li>Mandrafitra ny taratasy fiantsoana hanao tolobidy</li>
<li>Manolotra ny anaran'ireo mpifaninana afaka mamaly ny tolobidy raha tolobidy voafetra</li>
<li>Mandray anjara amin'ny fanokafana ireo tolotra izay tarihin'ny mpiandraikitry ny Tsenambaro-panjakana (PRMP)</li>
<li>Manatanteraka ny tombana an'ireo tolotra rehetra voaray sy ny fandaharana ny vokatry ny tombana</li>
<li>Manome fanazavana ilaina amin'ny PRMP</li>
<li>Manolotra ny tsena sy manome ny baiko fanomezan-dalana hanomboka ny asa.</li>
</ol>
<h2>3. Fomba fiasa</h2>
<h3>i) Fiantsoana</h3>
Ampandrenesin'ny Filoha fito na folo andro mialoha amin'ny alalan'ny taratasy fiantsoana ny mpikambana rehetra rehefa hivory. Ny fivoriana tanterahin'izy ireo dia ny fanokafana ny tolotra rehetra ampahibemaso aorian'ny fitaomana hanao tolobidy iray.
</td></tr>
</table>

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Vaomieran'ny tolobidy</td><td>
<h3>ii) Fanapahan-kevitra</h3>
Tsy maintsy ny roa ampahatelon’ny mpikambana (2/3) no tonga mivory vao afaka manapa-kevitra ny mpikambana. Ny antsasamanilan’ny mpivory kosa farafahakeliny no ilaina handaniana hevitra iray (majorité simple).
<h3>iii) Fahatongavana amin'ny fivoriana</h3>
<ul>
<li>Ny mpikambana tsirairay dia tsy maintsy manaiky an-tsoratra ny hanaiky ho mpikambana sy hanatrika ny fivoriana rehetra izay ataon’ny vaomiera. Raha misy tsy fahafahana tampoka eo amin'ny mpikambana iray, dia mampilaza dimy andro mialoha amin’ny PRMP</li>
<li>Raha misy mpikambana iray tsy tonga nanatrika ny fivoriana mihoatra ny in-telo misesy nataon’ny vaomiera, dia toy ny manala tena tsy ho mpikambana intsony izy. Ary dia manana fahefahana hanolo azy avy hatrany ny PRMP.</li>
</ul>
<h3>iv) Fitànana an-tsoratra</h3>
<ul>
<li>Ny vokatry ny fivoriana sy fanapahan-kevitra rehetra noraisin’ny mpikambana dia tsy maintsy raisina an-tsoratra izay ataon’ny Mpitantsoratry ny fivoriana. Ny PRMP no manendry azy, sady mandrafitra ny taratasim-pahatongavana mivory izay soniavin’ny rehetra.</li>
<li>Io fitànana an-tsoratra io dia soniavin’ny mpikambana rehetra tonga nivory (ahitana ny daty, ora, toerana nivoriana, ireo mpivory, hevitra tapaka, sns.)</li>
</ul>
</td></tr>
</table>

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Mitarika fifampizarana sy tosakevitra ny mpampiofana :<br>• Iza avy ireo efa mpikambana anaty voamieran'ny tolobidy?<br>• Manao ahoana ny fizotry ny asa?<br>• Inona no fanatsarana tokony atao?<br><br>Mameno fanazavana ny mpampiofana mitanisa sy manazava ny antom-pisian'ireo mpikambana anaty vaomieran'ny tolobidy. | Pejy fitaratra # 24 -30 | **Mpikambana ao anatin'ny Vaomieran'ny tolobidy (V.M.T) na Commission d'Appel d'Offre**<br><br>I) **Ireo Mpikambana ho anatin'ny tetikasa (ohatra : RANOWASH)**<br>• Filoha iray (1) Ben'ny tanàna.<br>• Mpikambana voatendry valo (8 | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Vaomieran'ny tolobidy** | **B. Vaomiera teknika momba ny tombana**<br><br>i) Fananganana ny vaomiera teknika momba ny tombana<br><br>Manana zo hamindra amin'ity Vaomiera teknika manao tombana (VTMT) ity ny fanatanterahana ny tombana ara-teknika. Ny mpikambana iray ao dia tsy maintsy avy amin'ny VMT ihany (Mpanao tatitra na Rapporteur).<br>Ahitana mpikambana telo hatramin'ny dimy ity Vaomiera ity.<br><br>ii) Fotoana ilaina hanatanterahana ny tombana :<br><br>Tsy tokony hihoatra ny 30 andro fara-fahabetsany ny fotoana hanatanterahana ny fanombanana ny tolobidy iray, na inona inona karazana tolotsena.<br><br>iii) Fandraisana anjara sy famporisihina<br><br>Mandritry ireo asam-baomiera rehetra ataon'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Vaomieran'ny tolobidy dia manana zo ahazo solon-tsakafo isan'andro (indemnité de session) isaky ny asa, arak'izay tetibola voafaritra na efa ampiharina eo anivon'ny kaominina. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FITAOVANA | FAHA-RETANY |
|---|---|---|---|
| Manontany ny mpampiofana raha efa misy vaomiera teknika eo an-toerana. Asaina mizara ny momba ny fandrafetana sy ny asany.<br><br>Mitondra fanampim-panazavana ny mpampiofana.<br><br>Mamarana ny fiofanana ary manome ny fandaminana ny fananganana ny vaomieran'ny tolobidy amin'ny tompon'andrikitra voakasik'izany eo an-toerana. | Pejy fitaratra # 31 | **Fomba fiasan'ny vaomieran'ny tolobidy**<br><br>**Vaomiera Teknika Manao Tombana (VTMT) :**<br>• Manantanterakany tombana ara-teknika. Ny mpikambana iray ao dia tsy maintsy avy amin'ny VMT ihany (Mpanao tatitra na Rapporteur).<br>• Ahitana mpikambana telo (3) hatramin'ny dimy (5)<br>• Tsy tokony hihoatra ny telopolo andro (30) fara-fahabetsany ny fotoana hanatanterahana ny fanombanana ny tolobidy iray<br>• Manana zo hahazo solon-tsakafo isan'andro (Indemnité de session) araka ny tetibola voafaritra na araka ny fomba fiasa eo amin'ny kaominina | 5 min |